grandprof.net

MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR PUBLIC et PRIVE
Service d'Appui au Baccalauréat

BACCALAUREAT DE L'ENSEIGNEMENT GENERAL

SESSION 2014

Série : C-D
Code matière : 005

Epreuve de : MALAGASY
Durée : 03 heures 30minutes
Coefficient : 3

**NB: Tsy maintsy atao ny laza adina I.**
**Isafidianana ny laza adina II.**

**LAZA ADINA I : Tsy maintsy atao.**

Fanontaniana: **(isa 6)**

1- Manomeza anjara asa telo (03) sahanin'ny literatiora eo amin'ny fiaraha-monina.
2- Manomeza ohabolana iray avy mikasika ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny.

**LAZA ADINA II: Isafidianana ny A sy B** **(isa 14)**

A- FAMAKAFAKAN-KEVITRA:

Hoy Ramily ao amin'ny boky vakivakim-piainana nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA:

« Ny vola miteraka havana fa ny havana mandany vola ».

Fakafakao izany fiheverana izany.

B- FANADIHADIANA LAHATSORATRA

Fitsimbinana ny tena

«Ny aina tsy ananam-piry»: koa nataon'ny razana fa ny mety dia ny mahafoy ny sisa rehetra hiarovana azy. Izany no tsy mba nandalàny vola aman-karena hitadiavam-panefitra tany amin'ny mpanandro sy mpisikidy ary nivarotany hatramin'ny zava-tsy foy indrindra aza, fa «aina», hono, «mamy ny aina». Izany koa no nahatonga ny hoe: « raha ho faty ny havana, matesa ny omby; fa raha ho faty ny tena, matesa Rahavana».

Nataon'ny razana koa fa ny mety, na dia tsy maintsy ho faty aza any am-parany, dia ny mitandrina izay rehetra hampaharitra ny aina. «Fa ny mahery tsy maody tsy ela velona». (...) Nefa misy fetrany io hakanosana na fitandreman-tena io.

Raha tonga amin'ny zavatra inoany ho ambony vidy noho ny ainy, mahay mihenjana izy hanao vy very ny ainy ary tsy matahotra-maty.

R.P. RAHAJARIZAFY
Filôzôfia malagasy, tak 44-45.

Hadihadio io lahatsoratra io.

* * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * *